

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

-----  
**ANTENIMIERAMPIRENENA**

-----  
**FITONDRAN-DRAHARAHAN'NY FANAOVAN-DALANA**

-----  
**SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALANA**

-----  
**FOTOAM-PANAOVAN-DALANA FAHAROA**  
**AO AMIN'NY REOBLIKA FAHAEFATRA**

**TAONA 2019**  
**FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY**

**FOTOAM-PIVORIANA ANDINIHANA NY TETIBOLA**  
**(ny 15-10-19 ka hatramin'ny 13-12-19)**

**13 desambra 2019**

Volavolan-dalàna sy tolo-dalàna lany (10)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p><b>Lalàna laharana faha-2019-003</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena famatsiam-bola mikasika ny fanorenana ny <b>tetezana miampita ny onin'i Mangoky</b>, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo ho an'ny Fampandrosoana ara-toe-karena any Afrika (BADEA)</p> <p>Fivoriambe : Antenimierampirenena : 29-10-19</p>	<p>Nisy fifanarahana fampisamboram-bola nifanaovan'ny BADEA sy ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny 12 jona 2019. Hoenti-mamatsy ny tetikasa fanorenana ny tetezana mita ny onin'i Mangoky izany vola izany, izay mitentina 20.000.000 dôlara amerikanina, izany hoe <b>72.249.200.000 Ariary</b>.</p> <p>Toy izao ireo entana aman-draharaha vatsiam-bola amin'izany fampindramam-bola izany :</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. Asa « génie civil »</li> <li>2. Fanoroana</li> <li>3. Fanmezana tosika ny vondron-draharaha fanatanterahana ny tetikasa (UEP)</li> <li>4. Atrikasa fampandehanana ny tetikasa</li> <li>5. Tomban-draharaha teknikan'ny tetikasa</li> <li>6. Tomban-draharaha ara-bolan'ny kaontin'ny tetikasa</li> <li>7. Tsy voatondro</li> </ol> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Habetsahan'ny vola samborina : 20.000.000 dôlara amerikanina, izany hoe <b>72.249.200.000 Ariary</b></li> <li>- Faharetan'ny famerenam-bola :</li> <li>- Zanabola : 1,25% isan-taona</li> </ul> <p>Fandrotsaham-bola in-40 isaky ny enim-bolana no amerenana ny renivola, rehefa lasa ny fe-potoana tsy andoavana. (Sokajy 2.07)</p> <p>Ny « Agence Routière de Madagascar » no Birao mpanatanteraka ny tetikasa.</p> <p>Ny volana jona 2024 no fotoana hikatonan'ny tetikasa.</p>

<p>02</p>	<p><b>Lalàna fehizoro laharana faha-2019-004</b> mameno sy manova ny andininy faha-82 andalana-faha-2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha-2005-005 tamin'ny 22 marsa 2006 mikasika ny satan'ny Mpitsara, atolotry ny solombavambahoaka Rafenomanantsoa Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny ankapobeny lefitra Fivoriambe : AN : 13-12-19 Antenimierandoholona :13-12-19</p>	<p>Ny androatokon'ny mpitsara ao amin'ny Fitsarana tampony, no lasa nisotro ronono nanomboka ny taona 2018, nefa tsy nisy izay solony, na koa efa handao tanteraka ny asany ny taona 2019. Mba hitondrana fanafana amin'izany tsy fahafahampiana isa izany dia novana sy nofenoina ny andininy faha 82 andalana faha-2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha-2005-005 tamin'ny 22 marsa 2006 mikasika ny satan'ny Mpitsara mba hahatonga ny Mpitsara faratampony (Magistrat de premier grade) mahatratra ny 65 taona ho afaka mbola manohy ny asany, rehefa nahazo ny fankatoavan'ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara, ao anatin'ny fe-potoana iray, mandritra ny taona iray azo havaozina ary izany dia noho ny filana azy noho ny asany.</p>
<p>03</p>	<p><b>Lalàna laharana faha-2019-005</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mikasika ny famatsiam-bola amin'ny ampahany ny tetikasa <b>fanorenana ny tetezana miampita ny onin'i Mangoky</b>, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (OFID)  Fivoriambe: Antenimierampirenena : 10-12-19 Antemierandoholona : 13-12-19</p>	<p>Ity tetikasa ity dia ho fitondrana ny anjarabiriky amin'ny fampihenana ny fahantrana eny ambanivohitra amin'ny fanatsarana ny lalana efa misy, amin'ny fametrahana tokin'aina metimety kokoa ary fitaovam-pitaterana mandaitra sy maharitra ho an'ny olona sy ny fananana.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Mpampindram-bola: Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (OFID)</li> <li>- Habetsahan'ny vola : 10 000 000 USD, izany hoe 37 382 300 000MGA</li> <li>- Faharetan'ny famerenan-trosa : 20 taona ka ao antin'io ny 5 taona tsy andoavana</li> <li>- Zanabola : 1% isan-taona</li> <li>- Tambim-pisahanan-draharahan'ny fampisamboram-bola : taha isan-taona 1%-n'ny vola samborina navoaka sy tsy mbola naverina.</li> </ul> <p>Ny renivola dia averina amin'ny alalan'ny fandrotsaham-bola in-30 misesy isaky ny enim-bolana isaky ny 15 oktobra sy ny 15 avrily, ny taona 2024 ka hatramin'ny 2039.</p> <p>Ny « Agence routière de Madagascar » no birao mpanatanteraka ny tetikasa.</p>

		Ny 31 janoary 2025 no vaninandro voatondro hikatonan'ny tetikasa.
04	<p><b>Lalàna laharana faha-2019-006</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mikasika ny famatssiana vola ny fandaharana asa « <b>Catastrophe Deferred Drawdown (CAT DDO)</b> » ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Birao Frantsay momba ny Fampandrosoana</p> <p>Fivoriambe : Antenimierampirenena : 11-12-19 Antenimierandoholona : 13-12-19</p>	<p>Kendren'ity Fandaharana asa ity ny hanamafy orina ny fahaiza-manao teknika , ara-drafi-panjakana ary ara-bolan'ny governemanta malagasy eo amin'ny fitantanany ny tandindon-doza sy ny loza (GRC) i) amin'ny alalan'ny fanamafisana orina ny rafi-pirenena fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza ; ii) amin'ny fanamafisana ny fihorana ara-bola manohitra ny loza ary iii) amin'ny fampidirana ny fizarana amin'ny fiovaovan'ny toetry ny andro sy ny fihorana amin'ny loza ao anatin'ny fanarahana ny teti-panajariana ny lafin-tany sy ny tanan-dehibe.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Habetsahan'ny vola samborina: 10.000.000 EUR, soit 40.877.400.000 Ariary ;</li> <li>- Famerenam-bola : 27 taona ka ao anatin'io ny 7 taona tsy andoavana;</li> <li>- Taha : Euribor 6 mois- 20 points de base. A la date d'aujourd'hui : 0% ;</li> <li>- Tamby : 0,5%.</li> </ul> <p>Mpamatsy vola roa no miaraka mamatsy vola ity tetikasa ity dia ny AFD izay nampindram-bola sy ny IDA izay nahazoana ny fanomezana.</p>
05	<p><b>Lalàna laharana faha-2019-007</b> anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mikasika ny famatsiana vola ny tetikasa <b>Tohana ho an'ny Fahafahan'ny Asa Fitaterana mifandray amin'ny Internety (PACT)</b>, ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA)</p>	<p>Ity Lalàna ity dia ikendrena hanamafisana orina ny fifandraisana amin'ny internety eny an-dalana any amin'ny faritra natao laharam-pahamehanan'i Alaotra Mangoro sy Atsimo Atsinanana izay avy amin'ny asa enti-misedra ny toetry ny andro eny amin'ireo lalan-tany, an'ny faritany na an'ny kaominina sy hampirisihana ny olona hampiasa ny Haitaon'ny Fampitam-baovao sy ny Fifandraisana (TIC) amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra sy ny raharaha mifandraika amin'ny fitaterana.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Mpampindram-bola : IDA</li> <li>- Habetsahan'ny vola samborina : 102 700 000 DTS, izany hoe 140 000</li> </ul>

	<p>Fivoriambe : AN : 12-12-19</p>	<p>000 USD</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fahretan'ny famerenam-bola: 38 taona ka ao anatin'io ny 6 taona tsy andoavana</li> <li>- Tambim-pamoaham-bola : amin'ny taha isan-taona 0,50%-n'ny vola nosamborina efa navoaka (efa noraisina)</li> <li>- Tambim-pisahanan-draharaha: taha isan-taona 0,75%-n'ny vola rehetra efa noraisina sy tsy mbola naverina.</li> </ul> <p>Ny famerenana ny renivola dia isaky ny 01 marsa sy ny 01 septambra, manomboka ny 01 marsa 2026 ka hatramin'ny 01septambra 2057.</p> <p>Ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy (MAHTP) no birao mpanatanteraka ny tetikasa.</p> <p>Amin'ny 31 marsa 2025 no voatondro hikatonan'ny tetikasa.</p>
06	<p><b>Lalàna laharana faha- 2019-008</b> mikasika ny ady amin'ny <b>herisetra atao amin'ny maha-lahy na maha-vavy</b></p> <p>Fivoriambe : Antenimierampirenena : 12-12-19 Antenimierandoholona : 13-12-19</p>	<p>Helohin'ity volavolan-dalàna ity ireo herisetra amin'ny maha-lahy na maha-vavy amin'ny endriny rehetra.Izany herisetra izany dia mety ho ara-batana, ara-tsaia ary ara-toe-karena mihitsy aza.Na dia avy amin'ny fomba amampanao na leferin'ny olona aza dia faizin'ny lalàna foana ireny.Samy voakasik'izy ity na ny lahy na ny vavy.</p> <p>Araka izany, faizin'ity lalàna ity ny fanaovana ho momba an-terisetra ny olona iray, ny fomba firaisana tsy araka izay tokony ho izy, ny famelivelezana mifandraika amin'ny maha-lahy na maha-vavy (outrage sexiste), ohatra, dia faizina arak'izao volavolan-dalàna izao.</p> <p>Izay olona mahafantatra ny herisetra atao amin'ny maha-lahy na maha-vavy dia tsy maintsy mampahafantatra izany ny tomonandrakitra mahefa ara-pitantanan-draharaha na ara-pitsarana.</p> <p>Enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona ny sazy am-ponja ary 100.000 ariary ny ka hatramin'ny 4.000.000 Ariary ny lamandy.</p>

		<p>Raisin'ny Fanjakana an-tanana ireo niharam-pahavoazana (fandraisana an-tanana ny fitsaboana, fanamboarana ny toe-tsaina sy tantsoroka ara-dalàna sy ara-pitsarana.</p> <p>Atao mikaton-trano ny fitsarana saingy ampahibemaso kosa ny famoahana ny didim-pitsarana.</p> <p>Tsy maintsy mitazona ho tsiambaratelo izay zavatra fantany ireo olona mandray an-tanana ny olona niharam-pahavoazana.</p>
07	<p><b>Lalàna laharana faha-2019-009 039/2018</b> tamin'ny 05 desambra 2019 mifehy ny fikirakirana ny « <b>pension livrée</b> » eo amin'ny raharaham-bola</p> <p>Fivoriambe :</p> <p>Antenimierampirenena : 11-12-19 Antenimierandoholona : 13-12-19</p>	<p>Ity lalàna ity dia entina anabeazam-boho ny tsenam-bola malagasy amin'ny fametrahana fitaovana vaovao hiantohana ny sandan'ny vola Ariary.</p> <p>Ny « pension livrée » dia fifanarahana'ny roa tonta ifanaovan'ny samy mpisehatra, atao an-tsoatra na amin'ny endriny elektrônika, miavaka amin'ny fanakalozana taratasim-bola amin'ny lelavola mandritra ny fotoana vofetra. Ny taratasim-bola (titre) dia antoka omen'ny mpanolotra (cédant) amin'ny alalan'ny famindran-tompo mba hisitrahana fampindramam-bola avy amin'ny mpandray (cessionnaire) izay takalozana fanekena tsy ankanova ny famerenana izany amin'ny vidy ifanarahana.</p> <p>Na izany aza dia misy ny fifanarahana lasitra (convention-cadre) ifanaovana amin'ireo toeran-draharaha misahana ny fampisamboram-bola rehefa misy ny fikirakirana ny « pension livrée ».</p> <p>Rehefa misy ny orinasa ao anatin'ny fanavotana na famaranam-pitantanana, ny fepetra fanavotana, ny fikatonana noho ny tsy fahafenoana fepetra, mahakasika orinasa mpampisambo-bola dia tsy mahakitika ny maha-manankery ny « pension livrée » raha toa ka efa talohan'ireo fepetra ireo no nanapahana izany.</p> <p>Azon'ny andaniny atao ny manolo izany amin'ny taratasim-bola iray karazana, mandritra ny fikirakirana na amin'ny andro voatondro hanefan'ny andaniny sy</p>

		<p>ny ankilany ny andraikiny avy.</p> <p>Tsy miteraka fanavaozana tanteraka ny fikirakirana ny « pension livrée » ny fanolorana taratasim-bola toy izany.</p>
08	<p><b>Volavolan-dalàna laharana faha-004/2019</b> manova ny fepetra sasantsasan'ny Lalàna laharana faha-2016-029 tamin'ny 14 jolay 2016 mikasika ny Lalàna momba <b>ny fifandraisana amin'ny serasera</b></p> <p><u>Fivoriambe :</u> Antenimierampirenena : 10-12-19 Antenimierandoholona : 13-12-19</p>	<p>Nofoanana tamin'ity rijan-teny enti-manova ity ny sazy fampidirana am-ponja fa mbola misy kosa ny lamandy.</p> <p>Amin'ity endriny vaovao ity, ekena ny hahafahan'ny haino aman-jery mandrakotra ny firenena raha toa ka miroso amin'ny fampitana « Télévision Numérique Terrestre » (TNT) sy manaky ny didy aman-dalàna momba izany. Nojerena indray ny momba ny zo amin'ny sary sy ny fiainana manokana. Araka izany, tsy mahazo manohintohina ny fianan'olona manokana ny mpanao gazety. Tsy azo atao ny maka sy mampiely sarin'olona tsy nahazo alalana taminy, indrindra moa fa tena tsiambaratelony manokana izy ireny. Ekena ny fisian'ny gazety eny amin'ny internety raha toa ka atao anton'asa marina.</p> <p>Tsy azo atao ny mampita eny amin'ny haino aman-jery ny vaovao ao amin'ny fivoriana mikaton-trano.</p> <p>Miala amin'ny fibaikoana ny andry ara-dalànan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara ny Minisitery misahana ny Fifandraisana mba ialana amin'ny fitsabahan'ny tomponandraikitra hafa. Nomena fahefana hanara-maso sy hanafay ny Holafitra. Hita ao amin'ny volavolan-dalàna koa ny fomba ifidianana ny Filohan'ny Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara sy ireo mpikambana ao amin'ny biraony ary koa ny fe-potoampiasany sy ny fahafahan'ny mpanao gazety manohintohina ireo mpikambana ao amin'ny birao.</p> <p>Nisy fanamboarana koa ny fandaminana ny Manamahefa Anivom-pirenenan'ny Fampanaraham-penitra ny Fifandraisana amin'ny Serasera (ANRCM) mba hampifandanja ireo solontena avy amin'ny fanjakana sy ireo</p>

		<p>avy amin'ny tsy miankina raha ny firafiny no jerena. Eo koa ny fanamboarana ny zara raharahany. Ny ANRCM no manome fahazoan-dalana hiasa ho an'ireo orinasa misahana ny haino aman-jery. Hisy olona 13 ao ka ny 6 dia avy amin'ny fanjakana fa ny 7 kosa avy amin'ny rafitra hafa.</p>
09	<p><b>Volavolan-dalàna faha-007/2019</b> tamin'ny 30 oktobra 2019 mikasika ny <b>fiantohana</b></p> <p>Fivoriambe :</p> <p>Antenimierampirenena : 10-12-19</p>	<p>Ireto avy ireo zava-baovao sy fanatsarana nentin'ny volavolan-dalàna:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Fanitarana ny tontolon'ny seha-piantohana;</li> <li>- Fanitarana ireo fandraharahana azo atao miainga amin'ny filan'ny tsena sy ny fivoaran'ny teknôlôjia amin'ny fampidirana ny fiheverana vaovao momba ny « micro-assurance », ny « assurance numérique » ary ny « assurance indicielle » :</li> <li>- Fanamafisana ny fampiatiana ara-pitantanam-bola;</li> <li>- Fiarovana ny mpanjifa amin'ny fitakiana ny mangarahara eo amin'ny fampahafantarana ny raharaham-bola sy ny fitantanana ny fitarainana mba hamerenana ny fitokisan'ireo mpanjifa ny tolo-draharaha ara-bola;</li> <li>- Fametrahana sehatra famahana olona amin'ny alalan'ny fametrahana haraton'aina (filet de sécurité) mba hitandroana tombontsoan'ny olona iantohana ;</li> <li>- Fametrahana rafitra mpanara-maso iray mahaleo tena iantohan'ny Vaomiera mpanara-maso ny Raharahan'ny Banky sy ny Fandraharahana ara-bola (CSBF)</li> </ul> <p>Nohamaivanina ny fomba fahazoana fiantohana...</p>
10	<p><b>Volavolan-dalàna laharana faha-005/2019</b> tamin'ny 30 oktobra 2019 mikasika ny <b>Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2020</b></p> <p>Fivoriambe :</p> <p>Antenimierampirenena : 30-11-19</p>	<p>Mikendry ny hanatratra fitomboana ara-toe-karena 5,5% ny governemanta amin'ny taona 2020 raha toa ka 5,2% izany tao amin'ny LFR la LFR 2019. Raha ny amin'ny fitomboana eo amin'ireo sehatr'asa isan-karazany kosa dia 4,6% izany ho an'ny taona 2020 ho an'ny sehatr'asa voalohany raha 2,5% tamin'ny taona 2019, voatazona ny 7,4% no an'ny sehatr'asa faharoa ary heverina ho 5,2% kosa izany ho an'ny sehatr'asa fahatelo. Ho 6,2% ny fiakratry ny vidim-piainana eo amin'ny faran'ny taona 2020, izany hoe nisy fihenana 0,6% mitaha amin'izay hita tamin'ny taona 2019. Ho 11,5%-n'ny</p>



	<p>Harifabe ny tahan'ny tsindrin-ketra amin'ny taona 2020 raha toa ka 10,7% izany tamin'ny taona lasa..</p> <p>Hohamafisina ny fandriampahalemana an-tanàn-dehibe sy eny ambanivohitra. Misy koa ny fametrahana ivotoerana eny amin'ny Faritra natao hijery ny fandriampahalemana, ny fametrahana ireo Toby manokana ho an'ny fifamoivoizana izay atao manemitra ireo lalam-pirenena, ny fampiodinana ny ivo-toerana manokana fanofanana mahery vaika ireo mpitandro filaminana, ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny famitana ireo andraikitra.Homena fitaovana stratejika sy manokana saha azy ireo hery misahana ny fiarovana sy ny filaminana, toy ny sambo pnematika, angidimby, sambo fanaovana fisafoana ...</p> <p>Hanao asa mifandraika amin'ny fampidirana rano fisotro madio ny fanjakana. Hisy ireo tetikasa hanampy amin'ny firosahana an-tsehatra amin'ny valan'aretina sy ny loza, ny fanaovana vaksiny, ady amin'ny aretimifindra.....Hatao manara-penitra ireo foto-drafitrasan'ny sekoly sady arahin'ny famezana fitaovana (toy ny dabilio,boky...) ny fanomezana « kits solaires » ary ny fampiodinana ireo toerana fanomezana sakafy ny mpianatra...</p> <p>Ho fampiroboroboana ny fitoviam-pitantanana sy ny fitovian-jo, ny Governemanta dia hanamafy ireo fandraisana an-tànana ny fanampiana ireo zokiolona, ireo misy fahasembanana sy ireo zaza marefo, ary ireo izay iharan'ny herisetra raha ny fampanjarina ny fitovian-jo ara-pananahana asian-teny.</p> <p>Efa voajery ao amin'ny LF2020ireo ezaka hanampiana tosika ny zava-bitan'ny mpanao fanatanjahan-tena.</p> <p>Misy ireo fepetra noraisina hampitomboana ny vola miditra avy amin'ny hetra.Azo tanisaina amin'izany ny fampiakarana ny "droit d'accise" amin'ny</p>
--	---

	<p>labiera izay 600 ariary/litatra izay ahazoana 20 lavitrisa ariary, amin'ny ranomboankazo izay 100 ariary, amûin'ny sigara izay 1390 ariary isaky ny fonosana msy sigara 20 ka ahazoana 15 lavitrisa ariary.Misy koa ny famerenana ny droit d'accise amin'ny vatosoa sy ireo manakaiky ny vatosoa izay ahazoana 16,11 lavitrisa ariary...Hitombo 21% ny vola azo avy amin'ny hetra ary 95,9% kosa ny vola miditra ivelan'ny hetra.</p> <p>Hlsy ny ezaka lehibe amin'ny fambolena-kazo amin'ny velarana 40.000ha isan-taona.Izany dia ilana ny fiandanian'ny rehetra, indrindra moa fa ny mpianatra sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.</p> <p>Hifahatra amin'ny fitrandrahana ny ranomasina i Madagasikara amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny faitra morontsiraka sy an-dranomasina ,ohatra.</p> <p>Hotohizana ny fanarenana sy fanaovana ho araka ny toetr'andro ny lalam-pirenena efa fantatry ny rehetra toy ny RN 5, RN 6, RN 7, RN 8C, RN 12A, RN 13, RN 43, RN 44, sns... Ao anatin'ny vina Fisandratana ifotony kosa nefa ny fanamboarana ny lalana anivon'ny kaominina, ny lalana ambanivohitra, lalana famoaham-bokatra, tetezana....</p> <p>Raha ny momba ny fanajariana ny Firenena ho an'ny fampanarahana toetrandro ireo fotodrafitrasa, ireo tetikasa fanorenana tanàna sy toeram-ponenana vaovao sy fampitaovana ireo kaominina dia ho tohizana amin'ny taona 2020, voalaza amin'izany ny fanorenana ny tanàna vaovao.Ohatra amin'ny tanàna vaovao : Tana-Masoandro.</p> <p>Hiezaka ny Fanjakana mba hahaleo tena eo amin'ny lafiny angovo amin'ny fitodihana amin'ny angovo azo havaozina toy ny angvo azo avy amin'ny masoandro, ny angovo avy amin'ny rivotra...</p> <p>Harenina ireo indostriam-panjakana mandalo fotoan-tsarotra mba hamokarana ireo entana ilain'ny olona : SECREN, SUCOMA, SIRAMA,</p>
--	--

		<p>Huilerie de Nosy Be...Hapetraka any Moramanga, Antsirabe ary Mahajanga.</p> <p>Hahatratra 2700 lavitrisa ariary izany amin'ny 2020 raha toa ka 2360,4 lavitrisa ariary izany teo aloha, izany hoe nahitana fitomboana 14,4% mitaha tamin'ny tao amin'ny LFR 2019.Ny fanamboarana ny karama sy ny « postes budgétaires » vaovao ho an'ny Hery mpitandro ny Fiarovana sy ny Fandriampahalemana (FDS na miaramila, polisy, zandary), ny ao amin'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fahasalamana. Nitombo 12,7% ny karama sy ny fandania manodidina izany raha mitaha amin'izay hita tao amin'ny LFR 2019.</p> <p>Ao amin'ny LF 2020 dia nanokanana fandania betsaka ny fampandehanana ny resaka fandriampahalemana fa nihena 20,5% kosa ny ny fanampiana ara-bola enti-mameno ny banga.</p> <p>Mahazo dimy lavitrisa ariary ny Governorà tsirairay ka 4 lavitrisa no atokana amin'ny fampiasam-bola ary 1 lavitrisa kosa ny fampandehanan-draharaha.</p> <p>Mifandanja ho 15.480.040.549.000 Ariary ny vola kirakiraina LF 2020 na ny miditra na ny mivoaka.</p>
--	--	--

### Tolo-pehin-kevitra lany (02)

N°	Intitulés	Résumés
01	Fehin-kevitra laharana faha- 02-2019/R itakiana ny fampiatoana ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa Raveloson Ludovic Adrien, solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Mahabo <i>Lany : 29-11-19</i>	Avy amin'ity Fehin-kevitra ity no itakian'ny Antenimierampirenena ny fampiatoana ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien, solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Mahabo.
02	Fehin-kevitra laharana faha-03-2019/R itakiana ny fampiatona ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Fandriana <i>Lany : 29-11-19</i>	Avy amin'ity Fehin-kevitra ity no itakian'ny Antenimierampirenena ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Fandriana

#### Famintinana

Nandritra ny ny fotoam-pivoriana natokana indrindra handiniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana dia volavolan-dalàna **sivy (09)** no napetraka teny anivon'ny biraon'ny Antenimierampirenena ka lany avokoa ary nalefa ho eny amin'ny Antenimierandoholona. Lany tanteraka ny fito (07) fa mbola eny amin'ny Antenimierandoholona ny roa (02)

Iray ihany no tolo-dalàna lany dia ny tolo-dalàna laharana fehizoro laharana faha-04-2019/PL mameno sy manova ny andininy faha-82 andalana 2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha-2005-005 tamin'ny 22 marsa 2006 mikasika ny **Satan'ny Mpitsara**, atolotry ny solombavambahoaka Rafenomanantsoa Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny ankapobeny lefitra.

Fehin-kevitra **roa (02)** no lany, dia ny:

- Fehin-kevitra laharana **faha-02-2019/R** itakiana ny fampiatoana ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa **Raveloson Ludovic Adrien**, solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Mahabo;
- Fehin-kevitra laharana **faha-03-2019/R** itakiana ny fampiatoana ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana natao tamin'Andriamatoa **Rasolomampionona Hasimpirenena**, solombavambahoakan'i Madagasikara lany tao Fandriana.

Miisa **telo (03)** ireo tolo-dalàna na tolo- -pehin-kevitra nahemotra ny fandiniana azy, dia ny:

- volavolan-pehin-kevitra laharana faha-02-2019/PR mikasika ny **Fehezan-dalàna momba ny etika sy ny deontôlôjia an'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara**;
- volavolan-dalàna laharana faha-02-2019/PL tamin'ny 07 oktobra 2019 mikasika ny **anton'asa sy raharaha mikasika ny sarimihetsika**, atolotry ny solombavambahoaka Johary Raharisoa Eléonore, voafidy tao Vangaindrano;
- volavolan-dalàna laharana faha 03-2019/PL tamin'ny 20 novambra 2019 mikasika ny **famokarana sy fandefasana eny amin'ny tsena ny toaka gasy**, atolotry ny solombavambahoaka Razafintsandraofa Jean Brunelle ;